# TATITRA

# FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY

# DINGANA FAHA

**Firenena: Madagasikara**

**Koaminina: Mahanoro**

**Daty: 26-28 Septembre 2011**

**Toerana: Tropicana**



Figure 1: Mpijaika avy amin'ny kaominina Andrenivohitry Mahanoro

gender links for equality and justice

**FIZAHAN-TAKILA**

Fanolorana

Tantara

Fizotry ny Atrikasa

Fahatrarana ny tanjona

Ireo fanamby

TOVANA

A – Fandaharam-potoana

B – Lisitry ny mpandray anjara

C – Fintin'ny tomban'ny atrikasa

D- Drafitr'asa

**FANOLORANA**

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina Mahanoro ny 26, 27 ary 28 Oktobra 2011, tao amin'ny Tropicana. Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny finoana ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina. Lohahevitra roa mazava no nodinihana nandritra ny telo andro:

-Lohahevitra voalohany: Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.
-Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fitondram-panjakana, izay nampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny sehatra pôlitika ka tsy hitondra fanovana.

Maro ireo olona tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity ary tsikaritra fa saika hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

**TANTARA**

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

**FIZOTRY NY ATRIKASA**

**Fanokafana amin'ny fomba ofisialy**

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ireo tompon'andraikitra vitsivitsy eo amin'ny Kaominina sy ny solontenan'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Andriamatoa ben'ny tanàna, Andriamatoa TELOLAHY Pierre noho ny nisafidinan'izy ireo manokana ny Kaominina Tsiafahy. Manaraka izany dia samy naniry ny hitoizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina mandritra ny telo andro ary ny fandaharam-potoana mifandraika amin'izany.

**Fampiasana sy fampiharana**

Natomboka tamin'ny fampahafantarana ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa. Nentina hisarihana ny sain'ny mpandray anjara dia nijery horonan-tsary iray momba io fifanarahana io ny mpandray anjara rehetra.
Notohizana tamin'ny fanavahana ny miralenta sy toetra maha lahy na maha vavy kosa ny fotoana avy eo. Rehefa nazava tamin'ny mpandray anjara ireo foto-kevitra ijoron'ny miralenta dia nojerena akaiky ireo fiheverana raiki-tampisaka izay matetika miteraka fanavakavahana eo amin'ny fiaraha-monina.
Nandritra ny lohahevitra faharoa kosa dia nodinihana bebe kokoa ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy handray anjara eo amin'ny sehatra politika sy fitanatanana.
Hita nandritra ny atrikasa fa nandray anjara mavitrika avokoa ireo mpandray anjara na teo amin'ny asa isan-tarika na teo amin'ny fifanakaloza-kevitra.

**Hevitra nivoaka nandritra ny ady hevitra**

Maro ireo tosa-kevitra nivoaka nandritra ny fifanakalozan-kevitra. Anisan'izany ny:

- **Momba ny fiheverana raiki-tampisaka**

Anisan'ny antony mbola mampiorim-paka ny fiheverana raiki-tampisaka ny fomba amampanao eto Madagasikara. Hita taratra izany nandritra ny fampiarana ka namoahana ireo tonon-kira, horonan-tsary, fomba fitenenanana izay hita fa manome vahana ny raiki-tampisaka. Noho izany dia matetika ny vehivavy dia hanakinana ny anjara asa rehetra momba ny tokantrano toy asa ao an-tokantrano, ny momba ny ankizy nateraka, sns fa ny lehilahy kosa no natao handray andraikitra eo amin'ny firenena sy hitondra ny vola ao an-tokantrano. Tsikaritra ihany koa ny fiheverana raiki-tampisaka eo amin'ny fomba fijerin'ny firaha-monina Malagasy ny lehilahy sy ny vehivavy. Ohatra amin'izany ny fandraisana ny hoe: "nitady zaza ka tera-dahy" sy ny hoe "Arabaina fa nahazo mpatsaka"

- **Eo amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy:**

Maro ihany koa ireo olana hita fa manakana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra politika. Nosinganina tamin'izany ny:

- Ny tsy fahatokisan-tenan'ny vehivavy sy ny tsy fahasahiana.
- Ny tsy fahampian'ny fanofanana sy fahaizana.
- Havitsin'ny vehivavy efa hita eo amin'ny sehatra politika.
- Tsy fahampian'ny fanentanana eny ifotony.
- Tsy fahampian'ny fotoana

- **Vaha-olana natolotra**

- Fampirisihana ny tovovavy handrato fianarana
- Fanentanana sy fampirisahana ny vehivavy handray anjara eo amin'ny raharahampirenena amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo amin'ny Fikambanana na vondrona iray.
- Fanofanana ny vehivavy
- Fidinana an-tsehatra, eny anivon'ny fokontany sy kaominina ambanivohitra.

Nandritra ny lohahevitra faharoa ihany koa no nahafahana nahafantatra ireo filana misy eo amin'ny kaominin'i Tsiafahy manokana. Nefa aloan'izany dia nohazavaina tamin'ireo mpandray anjara ny famaritana ny atao filana fototra sy filana maharitra mila paikady (Boky Torolalana fampiofanana pejy 47)

- **Ireo filana maharitra mila paikady ao amin'ny Kaomina Tsiafahy**

- Foto-drafitrasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana
- Fandriam-pahalemana
- Serasera
- Rano fisotro madio

**FAHATRARANA NY TANJONA**

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA.
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny miralenta
- Manana ny fahavononana ny hampiatra ny miralenta eo amin'ny kaominina ireo mpandray

**IREO FANAMBY**

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny fampandrosoana

**TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA**

**ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA**
**Firenena: Madagasikara**
**Kaominina:**
**Toerana: CR Mahanoro**
**Daty: 26-28 Oktobra 2011**

| Ora | 26 Oktobra 2011 | Iza(Tompon'andraikitra) |
|---|---|---|
| **Andro voalohany** | | |
| 08h-8h 30 | Fandraisana | GL |
| 8h 30h- 9h | Fanokafana amin'ny fomba ofisialy | Ben'ny tanàna |
| 9h- 10h 15 | Loh 1:Ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana<br>Mijery CD<br>Quiz<br>Instrument | GL |
| 10h 15- 10h 30 | **Pause café** | |
| 10h 30 - 12h30 | Loh 2 : Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta | GL |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-15h | Loh 3 : Miralenta sy Fitondrampanjakana | GL |
| 15h-16h | Loh4 : Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta | GL |
| **27 Oktobra 2011** | | |
| 8h30-09h30 | Loh 5: Ho mpitarilka mavitrika mitondra fanovana | GL |
| 9h30- 10h | Loh 7: Famolavolana drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta sy drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony. | GL |
| 10h- 10h15 | **Pause café** | |
| 10h15-10h 30 | Fizarana groupe :<br>G1: Famolavolana drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta.<br>G2 :Famolavalana drafitrasa mahomby hamongorana ny herisetra eny ifotony | Ny rehetra |
| 10h 30 – 12h 30 | Atrikasa isam-baomiera | Ny rehetra |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-16h | Atrik'asa isam-baomiera | Ny rehetra |
| **28 Oktobra 2011** | | |
| 8h 30– 10h | Atrikasa isam-baomiera (Tohiny) | Ny rehetra |
| 10h – 10h15 | **Pause café** | |
| 10h15-12h30 | Rapport ny atrikasa isam-baomiera | Ny rehetra |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-15h 45 | Rapport ny atrikasa isam-baomiera | Ny rehetra |
| 15h45-16h | Evaluation | Ny rehetra |

**TOVANA B – Lisitry ny mpandray anjara**

**Country: MADAGASCAR**
**Venue: Tropicana**
**Programme: Stage 3**
**Date: 26-28 Octobre 2011**
**FICHE DE PRESENCE**

| N° | NOMS ET PRENOMS | SEXE | ORGANISATION/ MUNICIPALITY | DESIGNATION | TELEHONE | E mail |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 01 | Leriza | M | Commune | Adjoint au Maire | | |
| 02 | SYLVIA MARIE MAXIMIENNE Brinette Anna | F | Bloc Sanitaire | Gérante | 033 71 971 31<br>033 71 154 04 | |
| 03 | MAMPIANINA Willie Josoa | F | Commune | Agent de développement | 033 02 516 65 | |
| 04 | RAZAFINIMANANA | M | Commune | Président conseil | 033 02 516 65 | |
| 05 | RANDRIAMIHARISOA Narisoa | M | Agriculture | Technicien | 034 05 652 78 | |
| 06 | RAZANATAFIKA Omer | M | CSA | Coordinateur | 033 09 019 19 | |
| 07 | SAMBILAHY Pierrot | M | Commune | Régisseur | 033 11 468 49 | |
| 08 | TELOLAHY Pierre | M | Commune | Maire | 033 08 186 03 | |
| 09 | MARIA Adeline | F | Commune | Service technique | 033 75 792 86 | |
| 10 | ANDRIAMANGA Mbola | M | Agriculture | Chef de service | 034 06 755 91 | mbola_andriamanga @yahoo.fr |
| 11 | TELOVAVY Jeannine | F | Commune | Dépositaire comptable | 033 07 526 56 | |
| 12 | LEZOMA Maurice | M | Commune cisco | Comité exécutif | 033 19 190 62 | |
| 13 | RAZAFINIMANANA Nandrasantsoa Telovavy | F | Santé | Dispensatrice | 033 11 704 37 | |
| 14 | BAOTSARA Jeanne | F | Croix rouge | Présidente | 033 02 488 91 | |
| 15 | RAKOTONDRAZANANY Malala Natacha | F | Service Population | Division Protection social | 033 41 325 55 | |
| 16 | ROBISON | M | Communication | Delcom | 033 41 325 55 | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 17 | RAKOTONIRINA Jean Bosco | M | ONG Manorintsoa | Coordonnateur Régionale | 032 02 095 65<br>033 01 811 57 | |
| 18 | GIZY Rasoanandrasana Eléonore Odile | F | Santé | Chef de service Administratif et financière | 033 79 746 06 | |
| 19 | RAZAFINDRAMANANA Lucie | F | OTIV | Vice-Présidente Conseil Administratif | 033 09 447 05 | |
| 20 | TSIAKORAKA Jeanne Médard | F | Commune | Secrétaire d'état civil | 033 19 425 25 | |
| 21 | BOTOZAFY Joseph | M | District | Secrétaire | 033 28 793 82 | |
| 22 | RAZANADRATEFA Zotonantenaina | M | GL | Intern | 034 43 087 78 | zotonantenaina@gmail.com |
| 23 | RAKOTONIRINA Claudia | F | GL | Intern | 034 16 808 58 | hariclaudia@yahoo.fr |
| 24 | Ialfine Papisy | F | GL | F.O | 034 29 665 61 | madalocalgvt@genderlinks.org.za |

Stat:

| | |
|---|---|
| **Lahy** | **12** |
| **Vavy** | **12** |
| **Total** | **24** |

## D- Drafitr'asa

**DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN NY VEHIVAVY MAHANORO**

*Ny sehatra izay tokony ho fenoina :*

- ***Iza*** *– sampan draharaha iza /inona no tompon andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana,valio ireo fanontaniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra****– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA** | | | | | | |
| Fampitomboana ny fahafantaran ny kaominina ny momban ireo fanekena izay nataon'ny firenena eo amin ny sehatra nasionaly ,faritra , na iraisam pirenena , indrindra momba ny Fifanarahana ny Faritra Atsimon 'i Afrika momba ny miralenta sy | Fanentanana eny anivon'ny fokontany | Ny Mpanatrika ny atrik'asa rehetra | Ny tsy fahafantaran'ny vahoaka ny fifinarahana izay misy eto amin'ny firenena sy iraisam-pirenena | Fokony 7 voaentana | 28 Octobre 2011 | *Efa misy* |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| fampandrosoana . | | | | | | |
| Fampiarana ny politika miralenta eo anivon'ny kaominina. | Fampahafantarana ny politika miralenta eo anivon'ny kaominina. | Commune, Chef Fokontany, Mpanatrika ny atrik'asa rehetra, Ny tompon' andraikitry ny serasara | Vao manomboka hampiatra ny politikan'ny Miralenta ny kaominina | 80 % ny vahoaka no mahafantatra ny atao hoe miralenta ary mahatsapa ny mipetraka eo anivon'ny kaominina ny Miralenta | Nov 2011 | |
| **I. FITANTANANA** | | | | | | |
| **Representation** | | | | | | |
| Fampitombona ny isan ny vehivavy mpanolontsaina amin ny fifidianana manaraka mba ho azo antoka ny fahatratrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry ho 50% ny tahan'ny vehivavy eo amin ny kaominina alohan ny taona 2015. | Fahazoana antoka fa mitovy ny isan n'ny mpanolontsaina vavy sy lahy eo aminny kaominina noho ny fandresen dahatra natao hampiharana ny quota 50/50. | Antoko Fokontany Tompon' andraikitry ny lalampifidianana | 28% ny mpanolotsaina vavy eto amin'ny Commune | Mba no 50% | Amin'ny fifidianana manaraka | |
| | Fandresen-dahatra mba hitovy ny isan ny vavy sy lahy eo aminn y sehatra fanapahan | ONG Olotsotra Antoko | Tsy misy vehivavy ny eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra ( 0/6) | 2 / 6 ny mpanampakevitra eo anivon'ny kaominina | Amin'ny fifidianana manaraka | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | kevitra. | | | | | |
| Fampianarana ny daholo be sy fampahafantarana ny rehetra ny lanja' ny fisian' ny solontena vehivavy mitovy isa amin'ny lahy eo aminny fitondrana ifotony eo aminy kaominina. | Fanaovana hetsika hampisongadinana ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina ary fanentanana ny lahy sy ny vavy amin'ny fandatsaham-bato sy ny vokatsoa azony amin'izany. | Kaominina Mpikarakara fifidianana Mpandray anjara tamin'ny fiofanana | Betsaka ny vevivavy mpifidy noho ny lahy. | Mba hitombo 20% ny salampahavitrian'ny mpifidy | Amin'ny fifidianana manaraka | |
| **Fandraisan anjara** | | | | | | |
| Fampitomboana ny fandraisan anjara amin'ny fivoriana rehetra | Fanatsarana ny fiarahamiasan'ny sefo Fokontany, kaominina ary ny vahoaka. | Kaominina, Sefom-pokontany | Mbola vitsy ny vehivavy mandray anjara amin'ny sehatra rehetra | Fitomboan'ny fandraisan'anjarany vehivavy amin'ny sehatra rehetra | Nov 2011 | |
| | Fanentanana lahy eny anivon'ny Fokontany mba handray anjara betsaka amin'ny fivoriana. | District, commune Sefo fokontany Tangalamena | Tsy mety hamonjy fivoriana ny lahy. | Mba hitombo 40 % ny fandraisana anjaran'ny lehilahy amin'ny fivoriana | Jan 2012 | |
| | Fijerena ny marimaritra hiraisana amin'ny fotoana tokony hanaovana ny fivoriana. | FKT | Tsy nisy ny fijerena ny fotoana fahafahan'ny olona mivory. Fametrahan'ny olona sakana mialoha amin'ny resaka izay | Tsy fisian'ny fanavakavahana amin'ny fivoriana atao.<br><br>Afapo tamin'ny fotoana | Jan 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Fijerena mialoha ny olona hiantefan'ny zavatra hivoriana | | tokony hodinihina mandritry ny fivoriana | hanaovana ny fivoriana ny rehetra | | |
| Manofana ny vehivavy mikasika ny zava-misy rehetra ( Fiaraha monina, serasera, Mahakasika ny vehivavy manokana ) | Fijerevany my traikefa anan'ireo vehivavy mpitantandraharaha ao anatiny commune | Koamina na ONG Association | Lasa ankilabao ny vehivavy noho ny tsy fahafantarana ny zavamisy sy ny tsy fahampiana traik'efa amin'ny zavatra tokony hatao | Vehivavy 100% nahazo fiofanana tandrify azy avy. | Nov 2011 | |
| | Famporisiana ny olona mba hifanakalo traik'efa sady mba ho tia karokaroka | Ny samy tompon' andraika | Tsy misy ny fifanakalozana traik'efa fa samy maka ho azy ny rehetra | Fihaonana ivelan'ny asa, ary fifanakalozana traik'efa isakin'ny 2 volana | Jan 2012 | |
| Manofana ny lehilahy eo anivony commune mombany miralenta ary manentana azy ireo mba hanohana ny miralenta | Fampianarana sy fampahafatarana ny lehilahy momba ny miralenta | ONG Izay efa nahazo fiofanana | 35 % (05) ny tompon'andraikitra lahy avy kaominina nahazo fiofanana momba ny miralenta | 100 % (14) ny lehilahy tompon'adraikitra ao amin'ny koaminina dia mahafantatra ny atao hoe Miralenta | Nov 2011 | |
| | Manao fifampiresahana araka izay fotoana maha mety azy mobany miralenta ny eo naivony commune. | Kaominina | Mbola tsy nanao fivoriana momba ny miralenta io teo amin'ny kaominina | Fisian'ny fivorina sy hetsika mahakasika ny miralenta | Jan 2012 | |
| **Fandraisana anjaran'ny vahoaka** | | | | | | |
| Fandraisan'ny rehetra anjara na lahy na vavy eo amin'ny fiarahamonina eny ifotony | Fampafatarana fa tompon'andraikitra ny tsirairay avy amin'ny fampandehana ny raharaha rehetra eo amin' ny fiarahamonina | Ny isam-batan'olona, Fokontany Mpitandr | Tsy fandraisana anjara | 100% ny mponina no mahafantatra ny anjara andraikin'ny. | Nov 2011 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Fampadraisana anjara ny tsirairay amin'ny raharahan'ny fokontany | o filamina na Tangala mena Fanabeazana | Tsy fisian'ny lamina eo amin'ny fandraisana anjara | Fandraisana anjaran'ny 100% | Nov 2011 | |
| | Fanarahamaso sy fampiharana ny fitsipika anatiny. | | Fitovian'ny mandray anjara sy tsy mandray | Fampiharana ny fitsipika ary famporisiana ireo nandray anjara | Nov 2011 | |
| **II. LAMIN'ASA** | | | | | | |
| Fiara-midiniky ny lahy sy ny vavy amin'ny fametrahana ny lamin'asa ao amin'ny commune | Fandraisana anjaran'ny tsirairay amin'ny fametrahana ny lamin'asa | Mpiasan'ny kaominina | Tsy ampy ny fiaraha-midinika amin'ny fametrahana ny lamin'asa | Fandraisana anjaran'ny 100% amin'ny fametrahana ny lamin'asa | Nov 2011 | |
| | Tokony ho hita taratra ao amin'ny lamin'asa napetraka ny miralenta | | Tsy hita taratra ny resaka miralenta | 25 % ny tetikasa mijery manokana ny momba ny vehivavy | Nov 2011 | |
| **III. NY MIRALENTA EO AMIN NY LAMIN'ASA EFA MISY** | | | | | | |
| **Vonjy taitra** | | | | | | |
| Fanomezana fahalalana sy fampahafantarana ny Lahy sy ny vavy mahakasitra ny fomba fisoroana ireo loza isak'arazany ireo ( Hay trano, loza voazanahary, loza noho ny asa…) | Fanatanterahana fandaharanasa fampahafantarana mikasika ny fisorohana ny loza isakarazany natao ho an'ny lahy sy ny vavy. | CARE Croix rouge Sante Fampianarana Mpitandro filamina na | Tsy fahafantaran'ny olona izay tokony hataony ho fisorohana sy manoloana ny loza mitranga | Fihofanana momba ny aro loza farafahakeliny 02 isan-taona | Jan 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Toe karena sy famoronana asa** | | | | | | |
| Tsy tokony ho hita taratra ny fanavakavahana amin'ny maha lahy sy ny maha vavy eo amin'ny tolotr'asa sy ny fandraisana mpiasa. | Fahampafatarana ny vehivavy amin'ny fomba ahafahany miatrika ny tsenan'ny asa. | Tompon' andraikitry ny tolotr'asa Serasera Fampianarana | Betsaka ny manam-pahaizana fa tsy fantany izay tokony ahitany ny tolotr'asa | 100 % ny olona afaka mametraka fangatahana asa no mahafantatra no tokony ataony | Rehefa misy tolotr'asa | |
| | Fanaparitahana araka izay tratra ny tolotr'asa rehetra misy | Serasera | Voafetra ny olona mahafantatra ny tolotr'asa | 100 % ny olona afaka mametraka fangatahana asa no maheno | Rehefa misy tolotr'asa | |
| | Fanarahamaso ifotony ny tolotr'asa | Bianco | Manjaka ny kolikoly eo amin'ny sehatrin'ny ny asa | Fangaraharahana ny tolotr'asa rehetra | Rehefa misy tolotr'asa | |
| **Fanolorana sy fahazoana tolo-bidy(Soumission et contraction d'appels d'offres)** | | | | | | |
| Tsy fisian'ny fanavakavahana eo fahazoana tolo-bidy | Fampirisiana ny vehivavy handray anjara amin'ny fahazoana tolo-bidy | Kaominina | Tsy mbola nisy vehivavy nametraka atontan-taratasy ahazoana tolo-bidy | Fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'io sehatra io | Rehefa misy tolo-bidy | |
| **Famongorana ny fahantrana** | | | | | | |
| Fizakan-tenan'ny vehivavy ara – bola. | Fifampiofanana arak'asa ifotony | Association | Betsaka ny olona tsy manana traik'efa arak'asa | Fihenan'ny fahasahiranana | Jan 2012 | |
| | Fampiofanana fitatanam-bola | ONG | Hita fa ny tena mampahatra ny vahoaka dia ny tsy fahaizana mitantana | Fihenan'ny fahasahiranana | Jan 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Fanofanana momba ny fahaizana miaina | ONG | Tsy fahaizana miaina ( Tsy mitsinjo ny ho avy) | Fihenan'ny fahasahiranana | Jan 2012 | |
| **Fanohanana ny asa fandraharahana** | | | | | | |
| **Sehatr'asa tsy manara-penitra** | | | | | | |
| Fampiroboroboana ny fahafahana miditra amin'ny tsenam-barotra | Fampivondronana ny vehivavy anaty fikambanana mba hanamorana ny fitadiavana lalam-barotra sy mba aharadalana ny asa ataony. | Fikambanana, | Fahabetsahan'ny asa tsy manara-mpenitra<br><br>Fahasarotan'ny fitadiavana lalam-barotra | Fevelaran'ny tsenambarotra sy fitombohan'ny fikambanana mijoro ara-dalana | Jan 2012 | |
| **INFRASTRUCTURE** | | | | | | |
| **Toeram-ponenana** | | | | | | |
| Fanomezana vahana ny fitovian-jo ho an'ny vehivavy eo amin'ny fananan-tany | Fahampafantarana ny zo hananan'ny olom-pirenena eo amin'ny sehatrin'ny fananantany | BIF Commune FKT | Ambany ny tahan'ny fananan'ny vehivavy tany | 40% Fohafantaran'ny vehivavy ny zony | Jan 2012 | |
| **Rano sy fahadiovana ary herin'aratra** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa mahazo izay fikarakarana fototra sahaza eo amin'ny raharaha izay tadiaviny ka mifanandrify amin'ny toe bolany ireo vehivavy izay iharan'ny fikarakarana tsy tomombana | Fanamorana ny fahazoana foto-drafitr'asa (rano) tena ilaina amin'ny fiainana andavan'andro | ONG FkT Kaomining na Jirama | Tsy fahampian'ny fotodrafitr'asa | 60 % ny vahoaka no mahazo tombontsoa amin'ny fotodrafitr'asa misy | Nov 2011 | |
| | Fanadiadiana momba ny filan'ny mponina andavan'andro. | Kaomina na ONG | Tsy fahampian'ny fanadihadiana mialohan'ny fananganana fotodrafitr'asa | 60% ny fotodrafitr'asa vita dia efa nanontaniana mialoha ny hevitrin'ny vahoaka | Rehefa misy fananganana fotodrafitr'asa | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | FKT | | | | |
| **TOTONLO IAINANA MANARA PENITRA SY AZO ANTOKA** | | | | | | |
| Fampandraisana andraikitra ny vehivavy eo amin'ireo tetik'asa fiarovana ny tontolo iainana na koa ny firotsahana amin'ny fanaovana asa fandraharahana mifototra amin'ny tontolo iainana | Fambolen-kazo. | Association Fokontany Commune | Betsaka ny hazo efa voavoly fa tsy ampy ny fanaraha-maso sy fikolokoloana | 40 % ny hazo novolena no voaharamaso | Indray mandeha isan-taona | |
| | Fanadiovana ny tontolo manodidina rehetra | Association Fokontany Commune | Fahabetsahan'ny toerana maloto | 80% ny fihenana loto isam-pokontany | Indray mandeha isam-bolana | |
| **Fahasalamana** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny fahafahan'ny vehivavy mandeha any amin'ny toeram-pitsaboana ary mahazo fitsaboana madinidinika mora foana | Fametrahana ny toby hiasan'ny agent communautaire | FKT | 80 % ny zaza latsakin'ny dimy taona maty dia eny anivon'ny fiaraha monina | Tokony hiena 75 % ny fihenan'ny taha fahafatesan'ny zaza latsaky ny Dimy taona | Nov 2011 | |
| | Fandrindrana ny fihainan'ny Fianakaviana | FKT Agent communautaire Reny | Tsy mifanentana amin'ny fidiram-bola ny zaza teraka | Fitomboana 75% ny tahan'ny vehivavy manabe aizana | Nov 2011 | |
| | Fanentanana ny vehivavy mba hanantona ny toeram-pitsaboana rehefa miteraka | FKT Agent communautaire Reny | Betsaka ny vehivavy miteraka amin'ny mpanavanana (renin-jaza) | Fitomboana % ny tahany vehivavy miteraka eny amin'ny hopitaly | Nov 2011 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **NY MIRALENTA SY NY VIH/ SIDA** | | | | | | |
| **Fisorohana** | | | | | | |
| Famaritana mazava tsara ny fihanaky ny VIH/SIDA eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy eo anivon'ny kaominina. | Fanentananana ny rehetra anao fitilianana ary fahampafantarana ny tombotsoa azo avy amin' ny fitiliana | Fahasalamana Mpanentana Serasera | Mbola vitsy no sahy manao fitiliana ary tsy mahafantatra ny tombotsoany | Fiakarana 30 % ny tahan'ny olona manao fitiliana | Jan 2011 | |
| | Fampiroboroboana ny fampiasana fimailo | Fahasalamana Mpanentana Serasera | Mbola betsaka ny olona tsy resilahatra amin'ny fampiasana fimailo | Mitombo 50 ny fampiasana fimailo | Dec 2011 | |
| **Fitsaboana** | | | | | | |
| Fijerena manokana ny olona vohan'ny VIH SIDA ara –pahasalamana sy ara –piaraha monina | Fandraisana antananana ireo voan'ny tsimok'aretina VIH SIDA | Fahasalamana, FKT, Association | Efa misy tomponandraikitra ara-pahasalamana manokana miandraikitra ny olona voan'ny tsimok'aretina eto antoerana | *Fananganana association misahana manokana ny olona voan'ny VIH SIDA* | Jan 2012 | |
| | | | | | | |
| **Fanatan-jahatena -Fivoarana ara piharahamonina (ara tsosialy)** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny fisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahan'ny vehivavy sy ny lehilahy mampiasa ny fotodrafitrasa ho an'ny fanatajahan-tena sy ny zava-kanto ary ny fialam-boly ary fahazoana antoka ny amin'ny famelomana indray ireo | Fampidirana miralenta amin'ny fanatanjahantena | Kaominina FKT Sekoly Association Fiangonana | *Mbola vitsy an'isa ny vehivavy hita eo amin'ny sehatrin'ny fanatanjahan-tena* | 70 % ny foto-drafitr'asa misy eto amin'ny kaominina no afaka ampiasain'ny lahy sy ny vavy | Dec 2011 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| lalao nentim-paharazana izay sady azon'ny vehivavy atao no azon'ny lehilahy atao | | | | | | |
| **IV. FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO** | | | | | | |
| Fampitomboana ny isan'ny vehivavy ampiasaina ao amin'ny kaominina | Fampitoviana ny fahafahan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fahazoana asa | Kaominina | 8/ 22 ny isan'ny vehivavy miasa amin'ny kaominina | Fandraisana vehivavy raha misy tolotr'asa | Raha misy tolotr'asa | |
| **Fifantenana sy fandraisana mpiasa** | | | | | | |
| **Fisondrotana amin'ny asa sy fanamafisana ny fahaiza-manao** | | | | | | |
| Fampitomboana ny traik'efa ananan'ny vehivavy miasa eo anivon'ny Kaominina | Fampiofanana arak'asa ( Informatique ...) | ONG | *Mbola mila hamafisina ny fahaiza-manaon'ny tompon'Andraikitra eto amin'ny Kaominina* | Ny tompon'adraikitra 22 dia mahafehy ny IT | Jan 2012 | |
| | Fitarihina ireo mpanolotsaina sy mpiasa vaovao. | | | | | |
| **Tontolon'ny asa** | | | | | | |
| Fijerena manokana ny zon'ny vehivavy miasa | Fampiarana ny zo ananan'ny vehivavy ( Conge de maternité, Fidirana miasa…) | Kaominina | *Efa manaja io ny zo io ny Kaominina* | *Fanatsarana ny tombotsoa azo* | Dec 2011 | |
| **V. RAFI- PITANTANANA NY MIRA LENTA** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Rafitry ny miralenta** | | | | | | |
| Fametrahana rafitra matotra izay fampiharana ny miralenta ary fahazoana antoka fa manana ny fahefana tokoa izy ireo hanatanterahany ny asany ary hahazoana ny fiombonan'antoky ny mpitondra mahefa rehetra. | Fananganana komity misahana ny miralenta eo anivon ny komininna ary misy olona iray tompon andraikitra izay mahazo fanofana sy ny fahefana hanatanterakany asa.Ary i: MAMPIANINA Willie | Kaominina, Komity | Efa misy olona miandraikitra ny miralenta eto amin'ny kaominina | Mitsangana ny komity | Nov 2011 | |
| **Budget, monitoring and evaluation** | | | | | | |
| Fahazoana antoka ny amin'ny hanokanana enti-manana ho an'izay asa laharam-pahamehana hametrahana ny miralenta | Fanatanterahana fanadihadiana ijerena ny miralenta eo amin'ny teti-bolan'ny kaominina | Kaominina | Mbola tsy misy teti-bola momba ny miralenta eto amin'ny kaominaina | Tafiditra amin'ny teti-bola ny miralenta | 2012 | |
| **Fanamafisana ny fahaiza-manao** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa misy fiofanana hatao mba ho fampahafantarana ny mpiasa rehetra sy ny vondrom-piara-monina rehatra momba ny miralenta. | Fampafantarana ny olona sy ny mpiasa eo amin'ny kaominina ny tena hevitry ny miralenta sy fampandrosoana | Kaominina | Efa nisy y atrik'asa momba ny miralenta natao | 60% ny ao amin'ny kaominina no mahafantatra tsara no atao hoe mirelenta | | |
| **TETIKASA FILAMATRA/LOHANY – HO FAMONGARANA NY HERISETRA ATAO AMINY VEHIVAVY** | | | | | | |
| **Fanohanana sy fanampiana** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fampihenana ny herisetra eo anivon'ny fiarahamonina | Fanentanana ny amin'ny fanaovana fitavy maontina ( lahy sy vavy) ary fanentanana mba hanaovana fitondrantena mendrika | Association Polisy Fiarahamonina FKT Fahasalamana Fiangonana Service population | Mirongatra isan'andro ny herisetra | Mihina 20% ny herisetra M | Jan 2012 | Mbola hitady fiarahamiasa |
| | Fahapafantarana ny lalana mifehy ny olona manao herisetra | Association Polisy Fiarahamonina FKT Fahasalamana Fiangonana Service population | Mirongatra isan'andro ny herisetra | Mitombo 45% ny olona mahafantatra ny lalama mifehy ny miralena | Jan 2012 | Mbola hitady fiarahamiasa |
| **Fandrindrana** | | | | | | |
| Fanaovana izay fomba rehetra hahazoana toky fa ny ezaka hiadiana amin'ny | Fametrahana rafitra iarahan'ny sehatra maromaro miara-miasa | Association Commu | Mbola tsy misy ny komity miady amin'ny herisetra eto anivon'ny kaominina | Tafatsangana ny komity | Nov 2011 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Herisetra dia niaraha-niasa avokoa | amin'ny ady amin'ny Herisetra. | ne | | | | |
| ***Momba ny vola omena hiasana*** | | | | | | |
| Fanana teti-bola natokana hiadiana amin'ny herisetra | Fanokanana tetibola sy fitaovana hoenti-miady amin'ny Herisetra izay hampidirina amin'ny teti-bola sosialy ao anatin'ny tetibolan'ny kaominina | Kaominina | Mbola tsy tafiditra ao anatin'ny tetibolan'ny kaominina ny fandaniana momba ny fanohanana ny olona niaran'ny herisetra | Tafiditra ao anatin'ny teti-bola ny kaominina ny fandaniana momba ny fanahanana ny olona niaran'ny herisetra | @ fananganana teti-bola manaraka | |
| ***Fanaraha-maso sy tombana*** | | | | | | |
| Fanaraha-maso ny fandraisana andraikitry ny fikambanana sy ny eny anivon'ny Fokontany momba ny fizotrin'ny asa | Fitsiriana sy fanaraha-maso akaiky | Komity natsangana FKT | Miasa tsar any tompon'andraikitra | 75 % ny asa izay novinavinaina no tanteraka | Indray mandeha isan-telovolana | |
| **Fiarovana** | | | | | | |
| Fanitsiana ny toe-tsain'ny tsirairay eo anivon'ny fiaraha-monina | Fandresendahatra ny vaohoaka mba hanana toe-tsaina mitsinjo lavitra sy tsy tia herisetra | FKT Komity Fikambanana Kaominina Manampahefana isan-tsokajiny | Betsaka ny trangana herisetra hita | 35% ny olona no tonga saina ary tsy tia herisetra | Jan 2012 | |
| | Famolavolana sy fikarakarana ny | FKT Komity | Betsaka ny trangana herisetra hita | Azo halea ny lalana na andro na alina | Jan 2012 | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPO NANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | manodidina ( Toerana, Lalana…) | Fikambanana Kaominina Manampahefana isan-tsokajiny | | | | |
| ***Hetsika** fanentanana mba hahatonga saina ny olona* | | | | | | |
| Fanaovana hetsika fankalazana ny 16 Andro hiadiana amin'ny herisetra | Fanetanana momba ny vokadratsin'ny herisetra | Kaominina Ny mpanatrika ny atrik'asa rehetra | Betsaka ny olona tsy mahafantatra ny atao hoe herisetra | 100% ny vahoaka izay tonga no voaentana | Nov 2011 | |
| | Fiaraha-miasa amin'ny vondron'olona ifotony sy ny ONG Mandavantaona | Fikambanana Komity Kaominina FKT | Tsy ampy ny fiaraha-miasa | 60% ny olona resilahatra | Mandavataona | |
| ***Ireo fanao tsara mampahomby indrindra*** | | | | | | |
| Fampahafantarana sy fampisehona ireo asa mahomby indrindra | Fanangonana ireo fanao tsara mahomby indrindra mandritrin'ny 16 andro ihadiana amin'ny herisetra | ONG Kaominina | Tsy misy ny fahampafatarana ny vahoaka ireo vokatra tsara azo avy tamin'ny fihezan'ny mpanentana sy ny mpampiofana | 100% ny fomba tsara mahomby indrindra ia anaovana fijoroana vavolombelona | 25 Novembre – 10 Décembre | |
| **Setriny** | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | ASA ATAO | TOMPONANDRAIKITRA | FOTOTRA IAINGANA | TONDRO MILAZA NY VOKATRA | FE-POTOANA | TOE-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fananganana ivotoerana natokana handraisana ireo olona niaran'ny herisetra | Fanaganana centre d'écoute et de conseil juridique | ONG Population | Mbola tsy misy io ivotoerana io | Fitsanganan'ny ivotoerana | 2012 | |

**C – Fintin'ny tomban'ny atrikasa**

## FORMULAIRE D'EVALUATION

**Information Administratif**

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Sexe** | ☐ Lahy 10 ☐ Vavy 11 | | | | | |
| **Firenena** | Madagascar | | | | | |
| **Kaominina** | Commune Urbaine Mahanoro | | | | | |
| **Taona** | 12 - 17 ☐ | 18 -30☐ 5 | 31- 40 ☐ 3 | 41 - 50☐ 7 | 51 – 60 ☐ 4 | 60 + ☐ 2 |
| **Fianarana** | Ambaratonga voalohany ☐ 1 | Ambaratonga faharoa ☐ 12 | Oniversite ☐ 8 | Fanofanana ara-kasa ☐ | Fampianarana olon-dehibe ☐ | |

**Tombana :**

| | **Tena tsara** | **Tsara** | **Eo ho eo** | **Ratsy** | **Tena ratsy** |
|---|---|---|---|---|---|
| **1. Fijotrin'ny fandaharana** | **5** | **13** | **3** | | |
| **2. Momba ny fandaharana** | **6** | **13** | **2** | | |
| **3. Tahirin-kevitra** | **4** | **12** | **5** | | |
| **4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana** | **4** | **15** | **2** | | |
| **5. Asa isam-baomiera** | **3** | **8** | **10** | | |
| **6. Vokan-tsoa** | **8** | **10** | **3** | | |
| **7. Vokan-tsoa teo amin'ny fizotrin'ny fandaharana** | **5** | **11** | **5** | | |
| **8. Tombon-tsoa eo amin'ny fandraisana fahalalana** | **9** | **11** | **1** | | |
| **9. Tombon-tsoa eo amin'ny fivelarana** | **6** | **9** | **6** | | |
| **10. Momba ny toerana, sakafo…** | **4** | **9** | **8** | | |

**Fanamarihana**

1. Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao ? Antony?
   - Ny fandaharana momba ny VIH/ SIDA sy famporisihana ny vehivavy mba hiditra amin'ny sehatr'asa maro.
   - NY fananganana drafitr'asa
   - Miralenta, fiarian-karena sy teti-bola satria faripiainan'ny vehivavy
   - Hevitra fototra ihompanan'ny miralenta, ho mpitarika mahomby mitondra fanovana ary ny asa isam-baomiera sy ny
   - NY fanazavana momba ny miralenta amin'ny ankapobeny.
   - Ny ady amin'ny herisetra
   - Ny mpitarika sy ny mpitantana, azoka tsara ny manavaka.

- Momba ny herisetra mianjady amin'ny lahy sy ny vavy satria mbo betsaka io tranga io amin'ny faritra maro eto Madagascar.
- Ny fandrafetana drafitr'asa satria nahafana naneho hevitra sy nifanakalo hevitra.

2. Inona tamin'ny fandaharana no tsy dia nahafinaritra anao ? Antony?
    - Ny tsy fahafana mody amin'ny atoandro satria betsaka ny renim-pianakaviana ka tokony mba manana fotoana kely amin'ny atoandro hijereny ny tokatranony.

3. Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovonao teto amin'y fihofanana?
    - Hampihariko amin'ny fiainako sy ny manodidina ahy
    - Fanentanana sy fampiharana eo anivon'ny fiarahamonona
    - Manomboka amin'ny olona akaiky ahy indrindra

Fanamarihana hafa ?

- Tiako ny mba hisian'ny fikambanana miralenta eto mahanoro mba ho tanteraka izay rehetra natao teto.
- Tokony hody ihany ny atoandro fa reraka loatra.
- Raha misy fiofanana dia any atrano misakafo fa betsaka ny zavatra tokony atao any amin'ny atoantro.